Nivoitra tamin'izany fihonana izany, ankoatra ireo olana vitsivitsy toy ny resaka comptabilité, ny fitantanana crédit, ny olana amin'ny karama, ..., dia voaresaka koa ary nibahan-toerana nandritra ny adivevitra ny mikasika ny fanovana ny « Taxe de Chancellerie » izay nisy fiantraikany tokoa, araky ny voalazan'ireo Agents Comptables teo anivon'ny fampandehanan-draharahan'ny masoivoho ary indrindra koa teo amin'ny karama.

Nararaotin'ny Tale Jeneraly ihany koa tamin'ity



Ny fiaraha-misakafo



Ireo Agents Comptables miaraka amin'ny Tale Jeneraly sy ny Talen'ny Fitana kaontim-panjakana

fihonana ity ny nanome fanazavana mikasika ny "Budget de Fonctionnement" ho an'ny masoivoho any ivelany. Nambarany fa ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny no mamolavola sy mitsinjara ny sora-bolan'ireo masoivoho any ivelany. Tsikaritra anefa fa izay sora-bola teo aloha ihany foana no miverina rehefa manao ny teti-bola manaraka, izay matetika tsy mifanaraka amin'ny vinavinampandaniana takian'ny soritrana natolotra. Izany tranga izany no mahatonga ny olana eo amin'ny fampandehanan-draharaha eo amin'izy ireo.

Manoloana ireo olana voalaza etsy ambony ireo dia nambaran'Atoa Talen'ny Fitana kaontim-panjakana fa hisy ny fivoriana hiarahan'ny tompon'an-

draikitra mikasika izany ao amin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola (Direction des Soldes et Pensions, ACCPDC ary ny DCP) sy ny any amin'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny.

Naniry ny hisian'ny fihonana'ny Agents Comptables manerana ny masoivoho rehetra miaraka amin'ny tompon'andraikitra any amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana ireo comptables izay tonga nanatrika. Ny tanjona amin'izany dia ny mba hifampitana vaovao, fampiofanana arak'asa ary fifanakalozana traikefa toy ny fanao aty an-toerana. Nanaiky ny fangatahana moa ny Tale Jeneraly ary nanambara fa hijery ny fomba enti-manatanteraka izany.

▲ Herivelo ANDRIAMANGA

## Mahajanga : Ny lanonana famaranana ny atrikasan'ireo tompon'andraikitra ny Trésor



## ACTUALITÉS

## Mikatso ny « avancement »-n'ny mpiasa any Atsimo

Mitaraina avokoa ireo mpiasa any amin'ny faritra Atsimo iny noho ny fikatsohan'ny avancement-n'izy ireo eo anivon'ny sampan-draharaha isam-paritra miadidy ny karama sy ny fisotron-dronono ao Toliara. Eo amin'io sampan-draharaha io daholo mantsy no mikirakira ireo antontan-taratasy rehetra ilaina momba ny fiakaran'ny mari-karaman'ireo mpiasa any amin'ny faritr'i Menabe, Atsimo Andrefana, Androy sy Anosy iny. Voalaza fa ny tsy fahampiana na ny tsy fahatomombanan'ireo antontan-taratasy tonga eo anivon'izany sampan-draharaha izany no antony mahatonga ny fahatarana na ny fihantonan'ny fiakaran'ny mari-karama any amin'ny toerana iny. Mivezivezy noho izany ireo antontan-taratasy, mivezivezy torak'izany

koa ireo tompony, hany ka miafara hatramin'ny fahaverezan'ny antontan-taratasy. Mihantona noho izany ny firoson'ny raharaha, sahirana ny mpiasa, tsy hitany intsony izay hatao satria efa very hevitra izy ireo.

## Efa hatramin'ny taona 2005.

Mpiasa anankiray tao Fianarantsoa no nilaza fa mandrak'ankehitr'io dia mbola tsy voavaha foana ny olany momba io fiakaran'ny mari-karama io noho ny afitsokin'ny mpiasa sasantsasany eo anivon'ilay sampan-draharaha voalaza etsy ambony io. Efa tamin'ny taona 2005 no name-trahany ny fangatahany nefa mbola tsy misy tohiny foana izany hatramin'izao. Miahiaty be ihany izato farany satria efa nanao izay tratry ny heriny izy tamin'ny famahana ny olana nefa toa herim-po very maina ihany ny azy satria mbola tsy



Ireo mpiasan'ny TG Toliara, nandritra ny dimidinika nifanaovana tamin'ny tompon'andraikitra avy aty amin'ny Foibem-pitondrana

nahazo valiny mahafa-po foana izy hatreto.

Araka ny fanadihadiana natao àry dia tsy ny mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana ihany no sendra izany toe-javatra izany fa ireo mpiasam-panjakana rehetra miasa any

amin'ny faritry ny Faritanin'i Toliara teo aloha iny. Koa eto dia manaitra ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny izahay mba hijery ifotony ny olana mahatonga io toe-draharaha ao Toliara io.

▲ Hanitra RANDRIANIRINA

## Tratra ihany ilay mpanodikodim-bola sy mpanao hosoka

Nandritra ny fisafoana nataon'ireo tompon'andraikitra teo anivon'ny sampan-draharaha mpananteraka ny fitsirihana sy ny fisafoana no nahitana ny fahaverezam-bola mihopampampana teo anivon'ny sampana fitantanam-bolam-panjakana iray. Niantefa avy hatrany tany amin'ilay mpitam-bolam-panjakana ny ahiahy, satria tamin'io fotoana io dia efa tsy teo an-toerana intsony izy na dia tokony hanatanteraka famindram-pahefana aza. Tsihivina mantsy fa efa nisy didim-panjakana nandefasana azy hisotro ronono saingy nolaviny izany ka nilaza izy fa manana taratasy fanamarinam-pahaterahana vaovao ahafahany manamafy fa mbola tsy tapitra ny fe-potoana maha mpiasam-panjakana azy. Nampitombo ny ahiahin'ny tompon'andraikitra eto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana izany, satria dia mifanipaka amin'ny kopia nahaterahana izay nentiny niditra ho mpiasam-panjakana io taratasy voalaza etsy ambony io. Ambonin'izany dia mbola nentiny niaraka nitsoaka taminy ihany koa ny « livre comp-

table » rehetra. Izany dia noheveriny fa hahasaroatra ny fanadihadiana nataon'ireo tompon'andraikitra. Tantaraky ny mpanao fisafoana ihany anefa ny andraikiny ka vita ihany ny namaritra ny vola very sy ny namoaka ny porofo rehetra nentina nanamarinana fa ilay mpitam-bolam-panjakana tokoa no naka ireo vola ireo. Napetraka teny anivon'ny ambaratonga samihafa ary ny fitoriana. Nanomboka teo ny fikarohana ity tompon'andraikitra ity.

Tsy nionona tamin'ny fanodinkodinam-bola anefa io tompon'andraikitra io fa mba entina hanadiovana ny tenany tamin'ny fahaverezam-bolam-panjakana dia nanao taratasy isan-karazany izy entina hanamarinana ny tsy naha teo an-toerana azy tamin'ny fotoana nanatanterahana ny fisafoana, toy ny taratasy manamarinana ny fidirana hopitaly, sns... Rehefa natao anefa ny fanadihadiana dia hita ihany koa fa hosoka avokoa ireny taratasy nalefany taty amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana ireny. Ankoatr'izay, dia mbola niezaka ihany koa izy nanakorontana sy na-



Ny Birao nisehoan'ny fanodinkodinam-bola

nelingelina ny fikarohana tamin'ny fahaverezan'ny antontan-taratasy sasantsasany, mifandray amin'ity raharaha ity.

Tsy nampihemotra ny mpitandro filaminana sy ny foibe mpanao fisafoana ary ny « Cellule Juridique » teo anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana anefa izany ka mbola nitohy hatrany ny fanaraha-maso sy ny fikarohana nataon'izy ireo. Nody ventiny ary ny rano nantsakaina ka tamin'ny ora tsy nampoiziny iny indrindra no nahatratrarana ity mpanodikodim-bola sy mpanao hosoka ity. Natolotra ny fampanoavana avy hatrany moa izy ary efa nalefa vonji-

maika eny am-ponja miandry ny fitsarana azy.

Fa tsy mijanona hatreo ny raharaha anenjehan'ny Tahirim-bolam-panjakana azy, satria voaporofy ihany koa taty aoriana fa noho ny fahaizany sy ny fahafahany manao taratasy hosoka dia vitany ihany koa ny nangana trano misoratra amin'ny anarany ao anatin'ny tany izay an'ny Tahirim-bolam-panjakana. Tsy ho avela ho afa-maina ihany koa izany satria ny fampiasana ny fananam-panjakana ho an'ny tombotsoan'ny tena dia voararan'ny didy aman-dalàna ihany koa.

ACTUALITÉS

# Perception Principale Mitsinjo: 182,4 tapitrisa Ariary nanamboarana ny trano vaovao

**V**ola mitentina 182, 4 tapitrisa ariary no lany tamin'ny fananganana ny trano vaovao'ny Perception Principale ao Mitsinjo. Tsy nisy ny famatsiam-bola ivelany fa volan'ny Tahirim-bolampanjakana no nanatanterahana izany asa goavana izany. Nanamora ny fananganana ny trano ny fanam-

varavarana sy ny varavarankely. Manara-penitra ny birao sy ny efitrano fidiovana. Iaina fikojakojana sy fikarakarana ny fitaovana toy izao. Nanome toky Atoa Fanja Arnaud Raymondie, Percepteur Principal ao Mitsinjo fa hatoo laharam-pahamehana ny fikojakojana ny fotodrafitrasa. Azo atao tsara ny manatanteraka



Ny Perception Principale teo aloha



Ny Perception Principale amin'ny endriny vaovao

pian'ny kaominina sy ny distrika tany an-toerana, teo amin'ny fanamboarana ny antontan-taratasy rehetra momba ny tany.

an'izany satria manomboka amin'ny taona 2011 dia afaka mitantana ny tetibola natokana ho azy ny Perception Principale tsirairay.

Raha miditra ny tanànan'i Mitsinjo dia ity trano vaovao ity no anisan'ny lehibe sy miavaka indrindra amin'ny hatsarany. Ity no trano faharoa misy rihana ao an-tanàna.

Zava-dehibe tokoa ny fanajana ny fomban-drazana any amin'ny faritra iny. Noho izany dia nanolotra omby roa ho an'ny fokonolona any an-toerana ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolampanjakana.

Tafiditra tanteraka ao anatin'ny pôlitika vaovao'ny Tahirim-bolampanjakana ny fanorenana fotodrafitrasa manara-penitra mba hikajiana sy hiarovana ny volam-panjakana. Efa niala tao amin'ny trano tranainy ny mpiasa ka nifindra ao amin'ny trano vaovao.

Tamin'ny Alahady 12 desambra lasa teo no nanatanterahana ny fitokanana ny trano, notarihan'Atoa isany Orlando Robimanana, Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolampanjakana sy Atoa Hugues Rajaonson, Talen'ny Kabinetran'ny Ministeran'ny Fitananam-bola sy ny Tetibola, ny lehiben'ny Distrika sy ny Ampanjaka ary ireo tompon'andraiki-panjakana

Tomombana ny zava-drehetra ao an-trano sy ivelany. Vy avokoa ny



Manara-penitra ny birao sy ny efitrano fidiovana



Ny fanapahana "ruban" sy fanokafana ny takela-pahatsiarovana



Ny solon-tenam-panjakana nanatrika ny fitokanana

any an-toerana. Nanotrona izany koa ny iraka avy aty amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolampanjakana. Tsy nahasakana ny dele-

gasiona nitsidika tany an-toerana ny haratsin'ny lalana sy ny fiampitana bac.



Toy izao ny lalana mankany Mitsinjo

## ACTUALITÉS

## Fanamboarana sy fanorenana trano: Tsy azo ekena intsony ny asa tsy manara-penitra

**M**anomboka izao dia tsy azo ekena intsony ny asa fanorenana trano tsy manara-penitra. Tsy handeferana intsony koa ny fanaovana kitoatoa sy tsirambina ny asa fanarenana ny tranon'ny Tahirim-bolam-panjakana manerana an'i Madagasikara.

desambra taona 2008 dia efa nisy fanavaozana ny trano kanefa simba sahady roa taona taty aoriana. Betsaka ny lesoka hita : Mivilana sy tsy mety mihidy ny varavarana sy ny varavarankely, tsy mahitsy tsara ny rindrina, vailanina ny valin-drihana.



Ny Perception Principale ao Mampikony

Tsapa nandritra ny fitsidihana ny Perception Principale ao Mampikony fa tsy voahaja ny fenitra amin'ny fanamboarana ny trano. Vola mitentina 35 tapitrisa ariary no natokana hanarenana ny trano kanefa tsy mifanaraka loatra amin'izany ny fizotry ny asa. Maro ny lesoka amin'ity tranon'ny Perception Principale ao Mampikony ity hatramin'ny nanorenana azy tamin'ny taona 2001.

Hatrany am-boalohany dia hita fa tsy araka ny tokony ho izy ny nanorenana ny trano. Tamin'ny volana



Sarotra ny fanarenana ny asa tsy manara-penitra

Raha atambatra anefa ny vola lany tamin'ny tranon'ny Perception Principale ao Mampikony hatramin'ny nanorenana azy dia vola be tokoa. Tsy nisy vokany anefa izany fa toy ny rano natondraka lamosin'ny ganagana ny vola rehetra lany. Lanilany foana ireny volam-panjakana ireny kanefa mbola betsaka koa ireo birao sy trano mila fanamboarana any amin'ny faritra hafa manerana ny Nosy.

Tranga fahita any amin'ny faritra eto Madagasikara ny fanorenana-trano tsy manara-penitra. Manoloana izany dia handray fepetra hentitra ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana. Manomboka izao dia hofafana tsy mahazo mifaninana sy manatanteraka asa intsony ireny orinasa nanao tsirambina ka mambotry firenena ireny. Hohamafisina ny fanaraha-maso ny asa vita ka hojerena na manara-penitra izany na tsia. Tsy ekena ihany koa fa hasaina mamerina manotolo ny asa izay orinasa tsy manatanteraka ny fepetra takiana aminy.



Tsy mahitsy ny tolanam-baravarana, mivilana ny rindrina



Tsentsina ny tatatra fivoahan'ny rano maloto

### FANENTANANA

**HO ANTSIKA MPIARA-MIASA REHETRA VONONA  
HIZARA VAOVAO ATO ANATIN'ITY GAZETY ITY DIA  
AFAKA MANDEFA IZANY AMIN'NY MAILAKA :**

**tresor@moov.mg**  
na miantso ny

**tél. : 032 07 799 94 – 034 31 392 52**

**033 12 298 49**

## AKON'NY FITSIDIHAM-PARITRA

## PP Tsaratanana: Mandeha tsara ny asa na dia maro ny olana

Tsy vato misakana ny fampandehanan-draharaha ao amin'ny Perception Principale Tsaratanana ireo olana maro sedraina araka ny fanambaran-

fiara dia voatery manofa sarety na moto ny Percepteur isaky ny handeha haka vola handoavana ny karaman'ny mpiasam-panjakana sy ireo mpandray fisotroan-dro-



Ny tranon'ny Perception Principale taloha

Raelijaona Rado Niaina, Percepteur Principal any an-toerana. Mizotra an-tsakany sy an-davany ny asa ary afa-po hatrany ireo mpila raharaha isan-tsokajiny.

Na izany aza dia maro ireo olana tokony hovahana. Anisan'izany ny fanaovana "approvisionnement de caisse". Noho ny faharatsiana sy fahalaviran'ny lalana ary tsy fisian'ny

nono. Somary mampifilafila ireo polisy any an-toerana izay tokony hiandraikitra ny fiambenana ny volam-bahoaka. Vokany, voatery narama mpiasa sivily hanao izany.

Lasa manofa trano ny Percepteur Principal ao Tsaratanana satria nalan'ny Lehiben'ny Distrika tao amin'ny tranom-panjakana nitoe-rany izy. Nomarihany anefa fa tao



Ny tranon'ny Perception Principale ankehitriny

amin'io tranom-panjakana io avokoa no nipetraka ireo Percepteur Principal nifandimby. Ny lefitry ny Lehiben'ny Distrika no lasa mipetraka ao amin'io tranom-panjakana io ankehitriny.

Eo amin'ny fotodrafitrasa indray dia mila fanatsarana sy fanamafisana ny biraon'ny Perception Principale. Amoron-dalana loatra izy ary tsy mifefy. Nanoso-kevitra tamin'ny Lehiben'ny Distrika ny Percepteur ka nangataka ny hanavaozana ny tranon'ny Perception teo aloha, mba hampiasain'ny Trésor. Efa ne-

ken'ny Lehiben'ny Distrika izany ary efa tonga any amin'ny tompon'andraikitra mahefa eo anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana ity vina-vina ity. Maro ny dingana efa vita fa miandry ny fahavitan'ny antontan-taratasy sisa dia afaka miroso amin'ny fanatanterahana ny asa.


Tsy natao ho fitarainana fotsiny no hilazana ireo olana ireo fa antenaina hampitombo sy hanatsara ny vokatra efa azo eo amin'ny fitantanana ny volam-panjakana ao Tsaratanana, hoy Raelijaona Rado.

▲ Yves RAKOTO  
Njato RAMAMENOSOA

## SOSIALY

## Ireo mpiasa nahavita be teto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana

## RAKOTONARIVO Richard



Employé de service  
PP Ambatolampy

« Tsy tara fotoana mihitsy »

Nandeha nisotro ronono ny 18 Desambra 2010 lasa teo ity mpiara-miasa amintsika tao amin'ny Perception Principale Ambatolampy ity rehefa nahaton-tosa ny asany am-pahamendrehana nandritra ny 29 taona tao amin'ity toerana ity. Garde à caisse" no nidi-

rany niasa, niandraikitra ny fandikana sy firaketana an-tsoratra (enregistrement au Livre Journal) ny taratasimbola (*Bon de caisse, TPP*) izy avy eo. Tsy nisy olana mihi-tsy ny fiarahana niasa tamin'ny satria izay asa nampanaovina dia vitany an-tsakany sy an-davany. Izy no lehibe indrindra kanefa dia fatra-panaja asa amin'ny lafiny rehetra. Richard no solon'ny Agenda ao ampiasana, tsy misy hadinony na iray aza ireo asa efa vita na ny programa kasaina hatao. Marihina fa manana ny marimbominahitra « Chevalier de l'Ordre National » Rakotonarivo Richard.

*Ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana dia mankasitraka sy misaotra ary mitso-drano azy noho ny zava-bitany.*

## DIMBY Ernest



Fondé de Pouvoir  
TP Nosy Be

Izy no nitantana ny Trésorerie Principale tao Nosy Be nandritra ny krizy. Voatendry ho Trésorier mpisolotoerana izy tamin'ny 1 Mars 2002 ka hatramin'ny 1 Jolay 2003.

Niasa voalohany tato amin'ny Trésor izy tamin'ny taona 1973, hainy ny asa satria betsaka ny andraikitra nosahainy. Tsy nanao fianarana manokana momba ny fitanana izany andraikitra

izany izy. Nanampy betsaka azy ny traikafany nandritra ny 30 taona niasany tato amin'ny Trésor.

Nisy ny fanenjehana nihatra tamin'ny Trésorier Principal tao Nosy Be nandritra ny krizin'ny taona 2002. Voatery nandeha nandositra izy tamin'izany. Nanontany azy ny Trésorier raha vitany ny mitana io andraikitra io. Nilaza izy fa vitany ny misolo toerana azy. Izy no nitana ny andraikitra ny Trésorier Principal mpisolotoerana nandritra ny herintaona sy 4 volana. Nizotra tsara ny asa nandritra ny fotoana nitantanany ny Trésorerie Principale tao Nosy Be. Mendrika fankasitrahana izany zava-bitany izany ka notazonina ho Fondé de Pouvoir izy.

Faniriany ny hisian'ny zanany handimby toerana azy ato amin'ny ato amin'ny Tahirim-bolam-panjakana na inona na inona andraikitra homena azy

## AKON'NY FITSIDIHAM-PARITRA

## Percepteur Principal Ambalavao: Mantsaka rano any amin'ny 10 km

**A**nisan'ireo Perceptions Principales misedra olana maro ny ao Ambalavao Tsiemparihy, raha tsy hiresaka afa-tsy ny toeram-piasana sy ny fotodrafitrasa. Ratsy dia ratsy ny trano fiasana satria tsy nisy fanamboarana nandritra ny taona maro. Simba sady zara raha azo ampiasaina ny efitrano fidiovana sy ny toeram-pivoahana.

Tsy misy afa-tsy efatra ny mpiasa ao kanefa mitana andraikitra lehibe any amin'ny faritra Matsiatra Ambony ny Perception Principale ao Ambalavao. Mila "garde caisse" iray izy ireo hanampy azy amin'ny fiambenana ny trano sy ny volam-panjakana.

Araka ny fanambaran'Atoa MAHAZERY Nestor Bruno, Percepteur Principal ao Ambalavao Tsiemparihy dia mizaka ny mafy tokoa izy eo amin'ny fanatanterahany ny asany. Tsy maintsy



Atoa MAHAZERY Nestor Bruno  
PP Ambalavao Tsiemparihy

mifoha amin'ny 4 ora maraina izy satria amin'io ora io ihany no mahazaka ny herin'aratra hampandehana ny solosaina. Mety ho diso arak'izany ny fikajiana ny vola noho ny harerahana be loatra. Nilaza izy fa solosaina tokana sady efa antitra, fanomezana avy amin'ny kaominina no ampiasaina amin'izao fotoana izao.

Olana lehibe ho an'ny Perception Principale ihany koa ny tsy fahampian'ny rano ao Ambalavao

amin'ny fotoanan'ny main-tany, manomboka ny volana aprily ka hatramin'ny ôktôbra. Maloto sady tsy azo sotroina ny rano amin'ny paompy. Vokatr'izany dia voatery mantsaka rano fisotro any amin'ny kaomina Vatoavo, 10 km miala ao Ambalavao Tsiemparihy Atoa MAHAZERY Nestor Bruno. Moto no ampiasaina amin'ny fitaterana ny rano ary mandany eo amin'ny adiny efatra isan'andro izy amin'izany fivezivezena mantsaka izany.

Nandritra ny fotoana nandalovan'ny iraky ny foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana tany amin'ny faritra Matsiatra Ambony iny dia nisy ny fepetra noraisina mba hamahana avy hatrany ny olana. Hividiana sinibendrano ny Perception Principale ao Ambalavao Tsiemparihy mba hialana amin'ny fivezivezena sy ny fahasahirana be loatra. Nisy ny



Simba ka mila fanamboarana ny efitrano fidiovana

fanolorana fitaovana toy ny milina fanoratana sy milina fikajiana mba hanatsarana ny fikajiana ny volam-panjakana. Hamboarina ihany koa ny trano sy ny fotodrafitrasa.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY

## SOSIALY

## Ny nodimandry



**RAHARIMALALA  
Ginette Aimé**  
Contrôleur Principal du Trésor  
PGA

## « Mazoto miasa be »

**A**nisan'ny nampivavaka an'ltompokovavy Ginette, fony fahavelony, ny fitiavany sy ny fahazotoany miasa. Izy no tonga voalohany kanefa dia mbola izy no miala farany ao am-piasana. Tsy mba mifanjana asa mihitsy izy fa na dia asan'olo-kafa aza no tsy vita dia hataony avy hatrany. Tsy anisan'irony mpaka « congés » ary tsy sokajin'ireo mpanao mody marary. Tsy manao vazivazy amin'ny asany mihitsy, masiaka sy hentitra, tsy manaiky manao sonia ny antotan-

taratasy tsy ara-dalàna mandalo eo aminy izy. Tso-piaina sy tso-toetra ltompokovavy ary manana ny grady "Sergent chef auxiliaire" nandritra ny fanompoam-pirenena ivelan'ny Tafika notanterahiny ny taona 1983. Ireo no fahatsiarovana fohy mombamomba an'ltompokovavy araka ny fijoroana vavolombelona nataon'ireo mpiara-miasa, mpanao "Visa" aminy ao amin'ny PGA Antaninarenina sy ireo mpila raharaha vitsivitsy. Sahirana ihany izay handimby hanohy ny asany eo, hoy izy ireo. Tsihivina fa ny Alatsinainy 15 Novambra teo no

nodimandry i Ginette ary teny amin'ny fasan-drazany Ambatobe no nandevenana azy.

Mankasitraka sy mahatsiaro azy nohon'ny zava-bitany ny Foibem-pitondrana sy ny mpiaramiasa rehetra eto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana sady mankahery sy manohana hatrany ny fianakaviany sy ireo namana ao amin'ny PGA.

## INTERNATIONAL

# CINQUIEME CONFERENCE ECONOMIQUE AFRICAINE

## Tunis, 27 au 29 octobre 2010

La Banque Africaine de Développement (BAD) et la Commission Economique pour l'Afrique des Nations Unies (CEA) organisent chaque année la conférence économique africaine en collaboration avec le Programme des Nations Unies pour le Développement (PNUD).

La cinquième conférence 2010 a eu lieu à Tunis, en Tunisie, le 27 au 29 octobre 2010 à laquelle a été invité personnellement le Directeur Général du Trésor. Y participaient également le Directeur de Cabinet du Ministère des Finances et du Budget et le Directeur de la Dette Publique.

Cette conférence a eu pour thème « Etablir un plan d'action pour la relance économique et la croissance à long terme de l'Afrique ».

L'objectif de cette conférence 2010 a été de fournir un forum d'échanges d'idées entre les économistes, les financiers et les décideurs politiques en vue d'améliorer l'accès à l'information et à la recherche des questions économiques.

La conférence comprenait des sessions plénières et des tables rondes sur divers sujets autour du thème général.

Lors de la séance d'ouverture de cette cinquième conférence africaine d'octobre 2010 à Tunis, les éminents orateurs ont exprimé une certaine prudence sur les programmes d'austérité et de réduction des dépenses par les gouvernements occidentaux au lendemain de la crise économique mondiale, notant que cela pourrait globalement nuire aux perspectives économiques prometteuses de l'Afrique.

Un consensus s'est dégagé autour de la nécessité, pour les pays africains, d'être moins tributaires des produits de base pour la croissance et le bien-être économiques. A cet égard, les intervenants ont indiqué que les pays africains doivent diversifier leurs économies par des produits et services à valeur ajoutée

tels que les banques, les communications et le tourisme; un processus déjà en cours.

ka, Président de la BAD a déclaré que l'Afrique a connu, au cours de la dernière décennie, une progression particulièrement forte que la crise a quelque peu freinée, mais pas inversée. Il a fait observer que la croissance doit être durable et non éphémère, en rappelant que l'effet conjugué de divers facteurs avait anéanti des acquis similaires



Cinquieme Conférence Économique Africaine, Tunis, 27 au 29 octobre 2010

par le passé, même si, a-t-il ajouté, l'afro-pessimisme avait disparu. Il a indiqué que le moment était venu pour l'Afrique de se faire entendre. À cet égard, il a réitéré que l'objectif de la BAD et de ses partenaires était de rester à la tribune jusqu'à ce que « le rugissement du lion se fasse entendre, car, jusque-là, on n'entend que la voix du chasseur ». Aussi, il a souligné la nécessité pressante de réduire l'énorme déficit d'infrastructure en Afrique, surtout dans le secteur de l'énergie.

Dans son intervention, Mohamed Ghannouchi, Premier Ministre tunisien, a affirmé que l'Afrique doit réduire sa dépendance vis-à-vis d'un nombre restreint de marchés étrangers. La forte croissance récente des échanges Sud-Sud témoigne de l'efficacité de cette approche, et il faudrait faire encore plus dans ce domaine.

Selon, Audrey Chouchane, économiste principale à la BAD et membre du comité organisateur de l'évènement, cette année, l'objectif sera de produire un plan d'action visant à engager définitivement le continent sur la voie du développement durable et soutenable.

Notons également la brillante intervention d'une ressortissante malgache, en la personne de

Mlle Mihasonirina ANDRIANAIVO, Economiste, cadre supérieur de

Toutefois, il faut souligner qu'au niveau de notre pays, certaines de ces recommandations ont pu être initiées sinon en voie de réalisation si l'on se réfère à la note de présentation du budget de l'Etat pour l'année 2010.

Selon les projections récentes contenues dans les perspectives économiques pour l'Afrique 2009, le taux de croissance global pour le continent a été de l'ordre de 1,5% en 2009 et ne pourra pas dépasser de 3% en 2010.

Cependant, pour Madagascar, le pays a enregistré un taux de croissance économique négatif de -3,7% en 2009, contre une prévision initiale de 7,5%. Cette baisse s'explique notamment par la survenue et la persistance de la crise politique locale, ainsi que les effets de la crise économique mondiale qui ont frappé les activités économiques. Néanmoins, en 2010, le cadrage macroéconomique a visé une reprise de l'économie par un taux de croissance de 2,6%. Cependant, la résolution la crise politique malgache n'a pas été effective, pénalisant ainsi le taux de croissance à 0,6%. A ce titre, l'amélioration de la situation politique permettra d'envisager un avenir meilleur.

Les réformes fiscales et la modernisation de l'administration pour cette année 2010, demeurent les objectifs prioritaires qui se poursuivront jusqu'en 2012.

En 2010, le déficit budgétaire était de 1,9% du PIB, soit une légère amélioration par rapport à l'année 2009, qui était de 2,8% du PIB. Ceci étant le résultat d'une gestion adéquate des finances publiques dans un contexte caractérisé par la quasi-absence des financements extérieurs. L'application d'une politique d'austérité budgétaire combinée à un recours limité au financement bancaire est de mise.


▲ Jean Noël RANAIVOSON

France Télécom, pendant la table ronde du 27 octobre 2010, sur le thème « Développement Financier : TIC, intégration financière et croissance en Afrique ».

L'une des principales recommandations de la réunion est que le Gouvernement Africain doit compter de plus en plus sur ses ressources intérieures dont la fiscalité et les Investissements publics par :

- La réforme fiscale et la mobilisation de nouvelles ressources intérieures ;
- Le développement du marché de capitaux ;
- Le renforcement de la mobilisation de l'épargne et du prêt : Il faut régler les problèmes structurels et institutionnels ;
- Le renforcement du système bancaire, où a été soulignée l'amélioration de l'exécution des Contrats.

# Teny firarian-tsoan'ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana



## ALAVOLY Kilalaon-tsaina

### Sudoku (valiny)

N° 02

7	8	3	1	9	2	6	4	5
4	1	9	5	3	6	8	7	2
6	2	5	7	4	8	3	9	1
2	3	7	8	6	5	9	1	4
8	6	1	4	2	9	7	5	3
5	9	4	3	7	1	2	6	8
1	7	2	6	5	3	4	8	9
9	4	8	2	1	7	5	3	6
3	5	6	9	8	4	1	2	7

### TSIKY KELY !

Nandonona teo am-baravarany mpifanolobodirindrina aminy ity tovolahy iray :

– « Azafady tompoko, fa nokaikerin'ny alikanareo indroa misesy ny rafozam-baviko ! »

– « Loza izany ! Tsy dia masiaka akory anie izy io fa tsy haiko mihitsy izay mahatonga izany. Aleo fa alamintsika ny resaka, mitady onitra ve ianao ? »

– « Tsia », hoy ilay tovolahy fa « io alika io mihitsy no tiako ho vidiana ! »

▲ Yves RAKOTO



### TSIKY KELY ! (Tohiny)

Nanao taingin-telo tamin'ny moto I Besaina sy ny namany roalahy. Nifanena tamin'ny polisy ry zalahy vao niala kely ka avy hatrany dia voasakana. Sady tsy nijanona I Besaina no niteny mafy hoe : "tsy zaka intsony Razoky an !"

Voahitsaky ny elefanta, tsy nahy, ny vitsika iray. Tezitra mafy tamin'izany ny namany ka niantso vitsika marobe. Nohididindry zalahy tamin'ny tendany ilay elefanta, ka rehefa tafahaona dia hoy ny iray : "kendao amin'izay !"

### ANKAMANTATRA

**Inona ary izany ?** Zavatra tsy nisy, dia nisy avy eo, dia tsy nisy indray,... dia niverina nisy...ary tsy nisy intsony ! **Valiny : ho hitanao ao amin'ny Tahiry N°3**

### Fitsipika

N° 03

Fenoy amin'ny tarehimarika 1 hatramin'ny 9 ny banga isaky ny efitrefitra miisa sivy.

Tsy azo averina indroa ny tarehimarika ao anaty efitrefitra iray, ny tarehimarika mitsivalana sy ny litera mitsangana.

Ny valiny Sudoku N°03 dia hitantsikka amin'ny Tahiry laharana fahatelo.

Mazotoa ary e !

	2			5			9	
		7	3	1	2	4		
			8		9			
	4	5		8		7	3	
7	9						6	8
	8	3		9		2	1	
			6		3			
		9	1	7	5	8		
	7			2			4	

▲ Yves RAKOTO



### TAHIRY

Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

**Directeur de Publication**  
Orlando ROBIMANANA

**Rédacteur en Chef**  
Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL

**Comité de Rédaction**  
Jean Noël RANAIVOSON  
Haingotiana RAJEMISA  
Mbolatiana RAMAMONJISOA  
Hanitra RANDRIANIRINA  
Naomi RAIVONIRINA  
Zoely RAKOTONINDRAINY  
Rivolala RANDRIANARIFIDY  
Yves RAKOTO  
Damascène RABEHOAVY  
Landy ANDRIAMIALIZAFY  
Tojo Hasina RAKOTOSALAMA

**Adresse**  
Porte 311, Ministère des Finances et du Budget  
Antaninarenina, 101 Antananarivo  
e-mail : tresor@moov.mg  
Tél. : 22 276 14

Imprimé en 1 400 exemplaires